Un projet mis en œuvre par
Gender Links

Ce projet est financé par l'Union Européenne

TATITRA DINGANA FAHA 3

Kaominina: AMBONAIVO
Toerana: Place du Bazar
Daty: 10 Desambra 2015

Raha ny dingana fahatelo, dia toy izao ny paik'ady nentina nazahoana ireo olona 300 isa:

- Nandritra ny fivoriana izay nataon'ireo mpizaika dia nisy ny fanentanana izay natao tamin'izy ireo ny mba hampilaza sy hanentana ny any anivon'ny toerana izay niavian'izy ireo tsirairay avy ho tonga hanatrika ny fanentanana momba ny miralenta izay atao eny amin'ny Kaominina Maroalopoty.
- Talohan'ny nizarana ny taratasy dia nisy ny fanazavana ny Fenitry ny SADC tamin'ireo vahoaka tonga namaly ny antso izay nataon'ny mpanamora ny GENDER LINKS ary maro tamin'izy ireo no liana tamin'ny fanazavana ka nametraka ireto fanontaniana ireto:

FANONTANIANA

- ✓ Inona no fandraisana anjara raisin'ny SADC ny amin'ny fandaminana ny fandriampahalemana aty Atsimo?
- ✓ Ahoana no handrefesana ny fampiaran'ny Madagasikara ireo fenitry ny SADC?
- ✓ Misy ve ny fanasazihana ireo izay manao herisetra amin'ny vehivavy ary inona no fomba iarovana ireo izay iharan'ny herisetra izay?
- ✓ Inona ny fandraisana anjaran'ny SADC momba ny zaza mbola maro no tsy mianatra?

VALINY

- ❖ Ny SADC dia miara miasa amin'ny fitondram-panjakana ka manome soso-kevitra sy manampy ny fitondram-panjakana izay miara miasa aminy.
- ❖ Azo refesina amin'ny alalan'ny tomban'ezaka izay hanasana ireo mpikatroka (asa fampandrosoana, mpanao politika, fanapariham-pahefana, asa sosialy…) mampiantra ny miralenta izay efa nahazo fiofanana na ny tsy nahazo fiofanana.
- ❖ Helohin'ny lalàna ny fanaovana herisetra amin'ny vehivavy ka raha misy ny iharan'izany dia tsara raha manantona manampahefana na solotenam-panjakana dia izy no manoro hevitra anao.

- Rehefa vita ny fanentanana dia nofaranana tamin'ny fiaraha-miala hetaheta ny fivorina ary nofarananan'i Maire commune AMBONAIVO tamin'ny fomba ofisialy izany atrik'asa izany.

Santionan-tsary nandritra ny stage 3 Ambonaivo

HONDA